

10 jiona 2010.
28 Sivan 5770.

Fanànan'ny Tompo.

« *Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina...ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo. Fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo* » (1Korintianina 19-20)

Navotana tamin'ny ain'i Kristy isika, navotana mba hamerina amin'Andriamanitra ny fananany dia isika izao izany amin'ny fanompoana tokony hataontsika ho Azy amin'ny fomba mahatoky. Tsy manam-potoana intsony hanome ny herin-tsika sy ny talentantsika isika ho amin'ny fandraharahàna eto amin'ny fiainana eto isika. Ho variana amin'ny raharahan'izao tontolo izao ve isika ka hanompo ny tenan-tsika manokana ary hanary ny fiainana sy ny fahatsaràn'ny lanitra? Tsy afaka manao izany isika. Tokony hampiasaina amin'ny asan'Andriamanitra ny talenta tsirairay avy. Ireo izay nandray ny fahamarinana dia afaka mampitombo ny isan'ny lehilahy sy vehivavy izay ho mpiasan'Andriamanitra avy eo noho ny ezaka ataony. Mila fahazavàna sy fampianarana mitohy ny olona mba lasa mpanompo an'Andriamanitra ampahendrena. Tokony hitombo amin'ny fahalalàna ny fahamarinana mandrakariva izy ireo --*Testimonies* Vol. 9 p 109

Tsy afaka hafindra amin'ny hafa ny adidin-tsika. Tsy misy hafa afa tsy ianao ihany no afaka manao ny andraikitrao. Raha lavinao ny fahazavàna dia hisy maro ho tavela any amin'ny fahamaizinana noho ny tsirambina nataonao.-- *Testimonies*. Vol. 5 p. 465.

Tsy nanambara mihitsy Andriamanitra fa azon'ny mambran'ny fiangonana atao ny tsy manao ny asany. " Mandehàna miasa ao amin'ny tanim-boaloboko", io no baikony ho an'ny mpianany tsirairay. Raha mbola misy foana fanahy tsy miova fo eto amin'izao tontolo izao dia mila ezaka mavitrika, tsy mora kivy, tsy mora reraka hatao ho amin'ny famonjena azy ireo. Ireo izay nandray ny fahamarinana dia tokony hitady ny hampita ny fahazavàna amin'ireo izay tsy mbola manana izany. Raha tsy mandray anjara isam-batan'olona amin'izany asa izany ny mambran'ny fiangonana dia asehony fa tsy manana fifandraisana tena izy amin'Andriamanitra izy. Ho heverina fa mpanompo kamo izy ireo. Rehefa tsy misy intsony ny ara-panahy ao am-piangonana dia midika izany fa tsy mpiasan' i Kristy ianareo.-- *Témoignages*. Vol. 2 p. 194.

Tsy ho lany fitaovana isika raha mandroso amim-pahatokisana feno miaraka amin'Andriamanitra.Ny Tompo dia vonona hanao asa lehibe miaraka amin'ireo izay mino azy tokoa. Raha vonona hanatanteraka asa miandry azy ny mambran'ny fiangonana ka mirotsaka amin'ny tolona ary mampiasa ny volany manokana dia hahatsapa fa afaka mahazo fanahy izy ary ho maro no hiala eo amin'ny fitarihan'i Satàna ary hiverina eo ambany fanevan'i Kristy. Raha miasa araka ny fahazavàna nomena azy mantsy ny vahoakan-tsika dia ho hitantsika mihitsy ny famonjen'Andriamanitra. Hisy fifohazana mahafinaritra hanaraka izany ary dia mpanota maro no hiova fo ary fanahy maro no hanampy ho isan'ny fiangonana. Raha miray fo amin'i Kristy isika ary ny fiainan-tsika dia mifanaraka amin'ny asany, ilay fanahy izay nidina tamin'ny mpianatra tamin'ny pentekosta dia hirotsaka koa amin-tsika -- *Testimonies* Vol. 8 p 246.

Ireo izay tsy mizara ny fahazavàna izay nomen'Andriamanitra azy dia tsy hahazo fahazavàna lehibe hafa. Andriamanitra tsy hanome ny haren'ny fahasoavany ho an'ireo izay midonanam-poana hihinana fotsiny. « Raha misy tsy miasa, aoka izy tsy hihinana » (2 Tes.3 : 10) " – *Sowing all Waters* p 37

